



REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2022

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-217

**FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAM-PANDAHARAM-  
POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA MANOMBOKA NY TALATA 18 OKTOBRA  
KA HATRAMIN'NY ALATSINAINY 31 OKTOBRA 2022**

Fivoriana Faha-02  
Natao ny  
Alakamisy 20 Oktobra 2022  
- Tolak'andro -

## **FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa NAHARIMAMY IRMAH Lucien  
- Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

**FOTOANA:** Alakamisy 20 Oktobra 2022, tamin'ny 4 ora, tolak'andro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Talata 18 Oktobra 2022 ka hatramin'ny Alatsinainy 31 Oktobra 2022.

Nitohy ny Alakamisy 20 Oktobra 2022, tamin'ny 4 ora, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena. Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Ramatoa NAHARIMAMY IRMAH Lucien.

Taorian'izay, nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny fanatanterahana ny fiantsoana anarana, Ramatoa Filoha ary nampahafantatra fanindroany ny Solombavambahoaka tonga nivory an'Andriamatoa DIMBINDRAIBE Ratafika Andriamalazamanaga, Solombavambahoaka vaovao voatendry hisolo toerana an'Itompokolahy ANDRIAMANALINARIVO Raymond Michel Jocelyn izay voafidy tao amin'ny Boriborintanin'Antananarivo I.

Rehefa izany, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony, Ramatoa Filoha ary niangavy ny Mpitantsoratra mba hamaky ny tatitra mikasika ny famintinana ny fivoriana nataon'ny "Conférence des Présidents" ny Alakamisy 20 Oktobra 2022.

Nanatanteraka izany, Ramatoa NAHARIMAMY Irmah Lucien, ka toy izao no fivakin'izany.

### **FAMINTINANA NY FIVORIANA NATAON'NY "CONFERENCE DES PRESIDENTS" NY ALAKAMISY FAHA-20 OKTOBRA 2022**

Nivory ny Alakamisy faha-20 Oktobra 2022, nanomboka tamin'ny 11 ora, atoandro, ny «Conférence des Présidents».

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny «Conférence des Présidents» sy ny solotenan'ny Governemanta tonga nanatrika izany (cf fiche de présence).

Fiarahabana ny Birao Maharitra, ireo Filoham-baomiera sy Filohan'ny Vondrona Parlemantera tonga nanatrika izao fivoriana izao no nanombohan-dRamatoa Filoha mpitarika ny fitenenana.

Novakiana avy eo ny volavolam-pandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin'ny fivorian'izy ireo ny Alarobia 19 Oktobra 2022, tamin'ny 10 ora, maraina.

Taorian'izay, niroso avy hatrany tamin'ny adihevitra ny mpivory ka nitondra fanitsiana vitsivitsy.

Nolanian'ny «Conférence des Présidents» avy eo ny volavolam-pandaharam-potoana manomboka ny Talata 18 Oktobra 2022 ka hatramin'ny Alatsinainy 31 Oktobra 2022 ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe ny Alakamisy 20 Oktobra 2022, amin'ny 3 ora, tolak'andro, handraisana fanapahan-kevitra farany.

(Jereo ny tovana)

#### **ORDRE DU JOUR**

pour la période du **Mardi 18 octobre 2022** au **Lundi 31 octobre 2022**

#### **MARDI 18 OCTOBRE 2022**

**11H 00**: CEREMONIE D'OUVERTURE DE LA DEUXIEME SESSION ORDINAIRE 2022 DE L'ASSEMBLEE NATIONALE

#### **MERCREDI 19 OCTOBRE 2022**

**10H 00**: Réunion des membres du Bureau Permanent - *(Salle BP)*

#### **JEUDI 20 OCTOBRE 2022**

**10H 00**: Conférence des présidents-*(Salle BP)*

**15H 00**: SEANCE PLENIERE - (Salle des séances)  
Adoption de l'Ordre du jour.

#### **VENDREDI 21 OCTOBRE 2022**

SEANCE PLENIERE - *(Salle des séances)*

**10H 00**: JOURNEE DE SIMULATION PARLEMENTAIRE  
(Réservé aux femmes parlementaires)

**LUNDI 24 OCTOBRE 2022 et MARDI 25 OCTOBRE 2022**

**Hôtel Eucalyptus AMPEFY**

**ATELIER DE RELANCE DE LA PROPOSITION DE LOI N°001/2021/PL° RELATIVE A LA NATIONALITE MALAGASY**

**(Réservé aux auteurs de la proposition de loi N°001/2021/PL et consorts)**

**MARDI 25 OCTOBRE 2022**

**09 h 00 et 15 h 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS**

- Commission de l'Education Nationale (Saisie au fond)
- Commission de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle (Saisie pour avis)
- Commission de l'Enseignement Supérieur et de la Recherche Scientifique (Saisie pour avis) - **Salle des séances**

Projet de loi n°009/2022 du 15 juin 2022 portant orientation générale du système éducatif à Madagascar.

**MERCREDI 26 OCTOBRE 2022**

**10H 00: PLAIDOYERS DE LA JEUNESSE MALAGASY DEVANT L'ASSEMBLEE NATIONALE** - Salle des séances

**Avec l'encadrement du Président du Groupe des Jeunes Parlementaires.**

**15h 00: TRAVAUX DES COMMISSIONS**

- Commission Juridique (Saisie au fond)
- Commission des Affaires Etrangères (Saisie pour avis) - Salle BP

- Projet de loi n°013/2022 du 20 juillet 2022 autorisant la ratification de l'Accord d'entraide judiciaire en matière pénale entre le Gouvernement de la République de Madagascar et le Gouvernement de la République de l'Ile Maurice.

**JEUDI 27 OCTOBRE 2022**

**à partir de 08h 30 Hôtel Le Carat AMBATOFOTSY**

**ATELIER D'INFORMATIONS ET D'ECHANGES SUR LA PROPOSITION DE LOI N°001/2021/PL° RELATIVE A LA NATIONALITE MALAGASY A L'ENDROIT DES PRESIDENTS DES COMMISSIONS PERMANENTES ET DES GROUPES PARLEMENTAIRES**

**10H 00: SEANCE PLENIERE**- Salle des séances

- Projet de loi n°013/2022 du 20 juillet 2022 autorisant la ratification de l'Accord d'entraide judiciaire en matière pénale entre le Gouvernement de la République de Madagascar et le Gouvernement de la République de l'Ile Maurice.

**SEANCE PLENIERE - (Salle des séances)**  
**VENDREDI 28 OCTOBRE 2022**

10H 00 et 15H 00: Projet de loi n°009/2022 du 15 Juin 2022 portant orientation générale du système éducatif à Madagascar.

**LUNDI 31 OCTOBRE 2022**

**10H 00**: Réunion des membres du Bureau Permanent-(*Salle BP*)

**FICHE DE PRESENCE**  
**CONFERENCE DES PRESIDENTS**

**DATE**: 20 OCTOBRE 2022

**HEURES**: 10H

**MEMBRES DU BUREAU PERMANENT**

N° d'ordre	NOMS ET PRENOMS	FONCTION
1	RAZANAMAHASOA Christine Harijaona	Présidente
2	RAHELIHANTA Jocelyne	Vice-Président
3	NAHARIMAMY Lucien Irmah	Vice-Président
4	HENRI Jean Michel	Premier Questeur
5	ANGELE Solange	Rapporteur Général

**PRESIDENTS DES COMMISSIONS**

N° d'ordre	COMMISSIONS PERMANENTES	NOMS ET PRENOMS	ENTITE
01	Commission des Ressources Stratégiques	MOHAMAD Ahmad	IRD
02	Commission des Affaires Etrangères	RAZAFIMAHATRATRA Daniel Jean Christian	IRD
03	Commission de L'Energie et de l'eau	RANDRIAMANAMPISOA Alfred	IRD
04	Commission de l'Industrie et du Développement du secteur Privé et des Petites et Moyennes Entreprises	ANDRIAMBELOSOA Heriniaina	IRD
05	Commission de l'Economie et de la Planification	ANDRIAMAMPANDRY Todisoa Manampy	TIM
06	Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation	RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa	IRD
07	Commission de l'Agriculture et du Développement Rural	RANDRIANASOLO Jean Nicolas	GPR

08	Commission de Transport et de la Météorologie	RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth	IRD
9	Commission de l'Aménagement du Territoire et de la Gestion Foncière	RAHOLDINA Naivo Herinantsoina	IRD
10	Commission de l'Enseignement Technique et de la Formation Professionnelle	JEAN FRANÇOIS Michel	TIM
11	Commission du Commerce et de la Consommation	ASSIMO Bruno	IRD
12	Commission des Ressources Halieutiques et de la Pêche	BAOFENO Micheline	IRD
13	Commission de la Jeunesse et des Sports	RATSIVAHINISOLO Andriniony	IRD
14	Commission de la Fonction Publique, du Travail et des Lois sociales	FIAROVANA Lovanirina Célestin	IRD
15	Commission de la Population et de la Protection Sociale	RATSIMANDRIONA Aida Hardy	IRD
16	Commission du Genre et du Développement	MASY GOULAMALY Marie Jean d'Arc	GPR
17	Commission de l'Artisanat et du Tourisme	RAZAFINDRAVONJY Marifidy Christine	IRD
18	Commission de Chargé de l'examen des demandes de suspension de la détention, des mesures privatives et restrictives de liberté ou de la poursuite d'un Député	RAZAKANDRAINY Henri Dominique	IRD
19	Commission de mise en accusation devant la HCJ	TSABOTOKAY Honoré	IRD

**PRESIDENTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES**

N° d'ordre	GRUPE PARLEMENTAIRE	NOMS ET PRENOMS
1	TIM	RALAMBOZAFIMBOLOLONA Razafitsimalona
2	GPR	MILAVONJY Andriasy Philobert

**REPRESENTANTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES**

N° d'ordre	GROUPE PARLEMENTAIRE	NOMS ET PRENOMS
1	TIM	RAMBOASALAMA Emilien

Représentant du Gouvernement:

Madame ANITTA Leonce

Chef SRI/Primature

Rehefa izany, nisaotra ny Mpitantsoratra tamin'ny famakiana ny famintinana ny fivoriana nataon'ny "Conférence des Présidents", Ramatoa Filoha.

Taorian'izay, nambarany fa hiroso amin'ny fanitsiana na fanamarihana momba izany ny mpivory raha misy manan-kambara.

Tsy nisy nanana fanitsiana sy fanamarihana mikasika ny volavolam-pandaharam-potoana na ny Solombavambahoaka na ny solotenan'ny Governemanta, ka niroso avy hatrany tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Nomarihan-dRamatoa Filoha, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 42 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirnenana manomboka ny Talata 18 Oktobra 2022 ka hatramin'ny Alatsinainy 31 Oktobra 2022.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, fa ny Zoma 21 Oktobra 2022 amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny "journée de simulation parlementaire" hotanterahina ato amin'ny «Salle des Séances» izay natokana ho an'ireo Vehivavy Parlemantera, ka nanentana azy ireo ny tenany mba havitrika amin'ny fanatrehana izany.

Taorian'izay, nanao satroka ny Solombavambahoaka RAHASIMANANA Paul Bert ary nangataka ny hananganana Vaomiera hanao fiantsoana ny Solombavambahoaka tara sy tsy tonga mivory raha azo atao.

Niato tamin'ny 4 ora sy 15 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



**RAZANAMAHASOA Christine Harijaona**